# Andro Fiaraha-mivavaka
# sy Fifadian-kanina
# Isan-telovolana

## Mivavaka Tahaka An'i Daniela:

### Ny Tsiambaratelon'ny Fifaliana Ao Amin'ny Vavaka

**Fisaintsainana sy Tari-dàlana**

**Telovolana I - Taona 2025**

**Sabata 4 Janoary**

## Fanasana  mba "Hivavaka Tahaka An'i Daniela"

Fantatrao ve fa ny boky ara-paminanian'i Daniela no hany boky ao amin'ny Baiboly izay milaza fa ho amin'ny "andro farany" izany (Dan.8:17; 11:35, 40; 12:4, 9)? Noho izany, moa ve tsy tokony ho tombontsoa manokana ho an'ireo miaina amin'ny "andro farany" tokoa izany ?

Ny vavaka feno fahasahiana sy ny valiny tsy mampino dia voatenona ao amin'ny tantara sy ny faminanian'i Daniela. Rehefa mandinika ny vavaka nataon'ilay mpaminany isika dia hahita fa ny hery manetsika an'Andriamanitra dia tsy hita amin'ny teny ampiasaintsika fotsiny ihany fa eo amin'ny fiainana iainantsika koa. Hitantsika ihany koa ny vokatra mahery vaika azo avy amin'ny vavaka feno faharetana tarihin'ny Fanahy Masina. Ny lanitra mihitsy no mihaino sy mamaly ! Miaraha aminay fa hianatra hivavaka toa an'i Daniela isika.

Ny loha-hevitra amin'ny taona 2025 dia manao hoe *"Mivavaka Tahaka An'i Daniela: Tsirin-Kevitra Avy Amin'andriamanitra Ho An'ny Vavaka Amin'ny Andro Farany.*" Ao amin'ny telovolana tsirairay isika dia hijery teboka lehibe anankiray momba ny vavaka teo amin'ny fiainan'i Daniela ary hahita ny maha-zava-dehibe izany ho an'ny fiainana amin'ny andro farany. Rehefa izany isika dia hanokana ny tenantsika hivavaka tahaka ny nataony.

Amin'ity telovolana voalohany ity isika dia hijery ny vavaka fiderana nataon'i Daniela ao amin'ny Daniela 2:20-23. Ho trandrahantsika ny fomba itarihan'Andriamanitra antsika amin'ny alalan'ny fanandramana mankany amin'ny toerana iray izay ahafahantsika mifaly amin'ny vavaka sy miaina ny fifalian'ny vavaka voavaly na ny valim-bavaka eo amin'ny fiainantsika.

Ny fitaovana ampiarahina eto dia ahitana fisaintsainana sy hevitra, lohahevitra, ary andinin-tSoratra Masina mba hanampiana anao hamolavola sy hanomana andro fiaraha-mvavaka sy fifadian-kanina mahomby eo amin'ny fiangonana misy anao. Miangavy anao mba hanokana fotoana manan-danja hivavahana ho anisan'ny ampahany amin'ny fandaharanao, satria ny Fanahy Masina irery ihany no afaka mitondra ny Teny ho fiainana ao am-pontsika ary manova antsika ho tonga mpitolona am-bavaka mahomby.

Ny Fanahin'ny Faminaniana dia milaza amintsika fa: "Raha azontsika atao ny mahita ny asa rehetra vitan'ny olombelona amin'ny maha-fitaovana azy, araka ny fisehoany eo anatrehan'Andriamanitra, dia ho hitantsika fa ny asa atao amin'ny fivavahana betsaka ihany, izay nohamasinin'ny fahamendrehan'i Kristy, no hahazaka ny fizahan-toetry ny fitsarana" (*Christian Service, p. 263).*

# Fisaintsainana:

# Ny Tsiambaratelon'ny Fifaliana amin'ny Vavaka

Nanaitra an'i Daniela ny fandondonana mafy sy nanizingizina teo amin'ny varavarana. "Vohay amin'ny anaran'ny mpanjaka!"

Ary Arioka, komandin'ny mpiambina an'i Nebokadnezara, niditra tao amin'ny efi-trano. “Ento ireo namanao, ry Beltesazara! Nandidy ny mpanjaka fa hovonoina avokoa ny olon-kendrin'i Babylona rehetra. "

Napetrak'i Daniela ny horonan-taratasy hebreo tranainy teny an-tànany ary nitsangana izy. Nitsiky tamin'i Arioka izy ary nanao hoe: Nahoana no dia mafy toy izany ny didy avy amin'ny mpanjaka? (Daniela 2:15).

"Nanonofy ny mpanjaka, ary tsy nisy afaka nilaza taminy izay zavatra nonofisiny na ny dikan'izany," hoy i Arioka nanomboka nilaza, izay hita mazava fa tohina mafy noho ny zava-nitranga tamin'ny maraina. "Ankehitriny dia tezitra mafy mihitsy izy.”

“Afaka mitondra ahy ho any amin'ny mpanjaka ve ianao?” Hoy ny fanontanian’i Daniela. "Mino aho fa misy vaha-olana iray ho antsika rehetra."

Fantatrao ny tohin'ny tantara: Andriamanitra dia nanambara ny nofin'ny mpanjaka tamin'i Daniela, ka dia voavonjy avokoa ny olon-kendry rehetra.

Nefa andraso! Efa mba nieritreritra ve ianao hoe herim-po lehibe ho an’i Daniela ny nangataka fotoana bebe kokoa mba hanazavana ny hevitry ny nofin'i Nebokadnezara? Ahoana no nahazoany nieritreritra fa afaka manazava ny hevitry ny nofin'ny mpanjaka izy? Mba hahitana ny loharanon'ny fahatokian-tenan'i Daniela - sy ny vavaka feno fhasahiana nataony izay nitondra ho amin'ny fiderana feno fifaliana - dia tsy maintsy miverina any amin'ny fiandohan'ny tantarany isika.

## Ny Tantara Nisy Teo Aloha

Fony izy mbola zatovolahy, dia nentina an-keriny niala tao an-tranony i Daniela, ary noterena hanompo ny mpanjaka mpanao didy jadona matanjaka iray. Veriny avokoa ny zavatra rehetra - ny fianakaviany, ny fireneny, ny maha-olona azy, eny fa na dia ny

anarany aza. Nanana ny zo rehetra ho tezitra tamin'ny ratram-po niaretany izy. Milaza anefa ny Baiboly fa nisafidy làlana hafa mihitsy i Daniela.

Raha tokony ho nalahelo ny tenany i Daniela, dia naleony nametraka ny fitokisany tamin'Andriamanitra. Nanapa-kevitra ny hanohy hanompo an'Andriamanitra izy na dia tsy nandeha tsara aza ny zava-drehetra teo amin'ny fiainany. Tsy ela dia notsapaina ny fanapahan - kevitr'i Daniela.

Nandidy ireo babo nofanina tao amin'ny sekoly ambony ny mpanjaka mba hihinana ny sakafo sy divay natokana ho an'ny sampiny. Afaka nanajanona ny toetra mahatoky sy ny tsy fivadihany i Daniela, saingy nanao safidy izay hanova ny fizotry ny fiainany manontolo izy: "Ary Daniela ninia tao am-pony tsy handoto ny tenany" (Daniela 1:8). Na toy inona na toy inona sandan'izany ho an'ny tenany, dia hanome voninahitra ny Mpamorona azy izy.

Ary Andriamanitra namaly soa ny fahatokian'i Daniela ka nanome azy sy ireo namany "fahalalana sy saina ny amin'ny taratasy sy ny fahendrena rehetra » (Daniela 1:17). Marina tokoa fa "ny amin'ny fahendrena sy ny fahalalana rehetra izay nanontanian'ny mpanjaka azy, dia hitany fa nanan-tombo im-polo heny noho ny ombiasy rehetra sy ny mpisikidy izay teo amin'ny fanjakany rehetra aza izy." (Daniela 1:20).

## Ny Antony Hananana Fahatokiana

Ny safidin'i Daniela hanome voninahitra an'Andriamanitra na toy inona na toy inona sandan'izany dia nametraka ny fiainany teo amin'ny làlan'ny fankatoavana sy ny fahamarinana. Satria nisafidy ny hampifanaraka ny fiainany MANONTOLO tamin'Andriamanitra izy, dia tsy nisy tendro miafina feno fitiavan-tena na avonavona na fahavetavetana teo aminy. Ny zavatra rehetra izay nataony - ny asany, ny fifandraisany tamin'ny hafa, ny safidin'ny tenany manokana, ary ny fiainam-bavaka nananany - dia voatokana ho an'ilay Andriamanitra notompoiny.  Ny fahatokiana no namaritra ny fizotry ny fiainan'i Daniela sy ny fototry ny toetrany.

Tamin'ny fotoana nahatongavan'i Arioka teo am-baravarany niaraka tamin'ny didin'ny mpanjaka hampamono, dia efa imbetsaka i Danela no nizaha toetra ny fifandraisany tamin'Andriamantra. Efa niainany izany atao hoe valim-bavaka izany. Ary nomena fahalalana momba ny fahitana sy ny nofy mihitsy aza izy (Daniela 1:17).

Ny fahatokiana nananan'i Daniela teo anoloan'ny mpanjaka mpanao didy jadona anankiray tezitra dia nifototra tamin'ny fahatokiana tanteraka sy ny tsy fananan-tsiny teo anatrehan'Andriamanitra. “Ry malala, raha tsy mba manameloka antsika ny fontsika, dia manana fahasahiana eo anatrehan'Andriamanitra isika. Ary na inona na inona no angatahintsika dia raisintsika Aminy, satria mitandrina ny didiny sy manao izay ankasitrahana eo imasony isika." (1 Jaona 3:21-22).

## Vokany: Mifaly Amin’ny Vavaka

"Eny, ry zalahy. Fotoana hivavahana izao! " Nambaran’i Daniela tamin'ireo namany telo lahy rehefa niverina avy tao amin'ny efitrano fihaonana amin'ny mpanjaka izy. “Manome antsika hatramin'ny rahampitso maraina ny mpanjaka Nebokadnezara mba hilazana aminy ny nofiny.”

Manokàna fotoana kely hakana sary an-tsaina ny fahamatorana nisy tamin'io fivoriam-bavaka niraisana io. Tena zava-dehibe loatra no nanoloana ireto tanora efa-dahy babo ireto, rehefa niankohoka teo anatrehan'ilay Mpanjakan'izao rehetra izao, mba hangataka famindram-po ho an'ny tenany sy ireo olon-kendry jentilisa maro avy amin'ny firenena! Azo antoka fa ny lanitra manontolo no niondrika nanakaiky nihaino ny fitalahoan'izy ireo!

Rehefa izany, tamin’ny finoana tanteraka fa nandre ny vavaka nataon'izy ireo Andriamanitra, dia nandeha natory izy efa-dahy. Nandritra ny alina Andriamanitra no nanambara tamin'i Daniela ny "tsiambaratelon'ny" nofin'i Nebokadnezara.

“Mifohaza! Mifohaza!” Izany no mety ho hiak’i Daniela namoha ny namany telo lahy. “Namaly ny vavaka nataontsika Andriamanitra! Tsy maintsy midera Azy isika!"

Ary izany tokoa no nataony, nanandratra vavaka lehibe feno fifaliana sy fiderana ho an'Andriamanitra:

> « Isaorana anie ny anaran'Andriamanitra mandrakizay mandrakizay, fa Azy ny fahendrena sy ny hery. Ary Izy no mandahatra ny andro sy ny fotoana; Izy no manaisotra mpanjaka sy manangana mpanjaka; Izy no manome fahendrena ho an'ny hendry sy fahalalana ho an'izay mazava saina. Izy no mampiseho ny zavatra lalina sy miafina; Izy no mahalala izay ao amin'ny maizina, ary ny mazava mitœtra ao aminy. Hianao, ry Andriamanitry ny razako ô, no deraiko sy

isaorako, satria nomenao fahendrena sy hery aho, ary ankehitriny efa nampahafantarinao ahy izay nangatahinay taminao; fa nampahafantarinao anay ilay nofin'ny mpanjaka." (Daniela 2:20-23).

Mariho *ny fotoana* nideran'i Daniela an'Andriamanitra: Nanomboka nisaotra an'Andriamanitra izy raha vao nahazo ny fanambarana avy taminy. Mbola nisy fandrahonana ho faty ihany teo amin'ny fiainany, saingy nisafidy ny hidera an'Andriamanitra i Daniela ny amin'ny fanafahana azy ireo raha vantany vao nahazo toky avy amin'ny Tenin'Andriamanitra izy.

## Ny Tsiambaratelon'ny Fifaliana Amin'ny Vavaka

Maniry fiainam-bavaka tahaka ny an'i Daniela ve ianao? Dia fiainam-bavaka izay ahafantaranao manokana an'Andriamanitra ary ahatsapanao tsy tapaka ny fifaliana avy amin'ny vavaka voavaly? Afaka manana izany ianao. Azontsika rehetra atao izany fiainam-bavaka izany. Raha ny marina, dia izany indrindra no fiainana tian'i Jesosy ho antsika tsirairay. Tsy nanendry antsika velively ny hiaina fiainana kristianina feno tsy fahombiazana, tebiteby, ary tsy fanantenana Izy.

Tian'Andriamanitra ny hamaly ny vavaka tsirairay ataontsika. Tamin'ny resadresaka farany nataon'i Jesosy tamin'ny mpianany dia impito Izy no niteny tamin'izy ireo mba hangataka izay tiany sy ilainy ary homeny azy ireo izany (jereo ny Jaona 14:13, 14; 15:7, 16; 16:23, 24, 26).

Nefa misy fepetra ny teny fikasan'i Jesosy: *"Raha miray amiko ianareo, ka mitoetra ao anatinareo ny teniko, dia angataho izay tianareo na inona na inona fa ho tonga aminareo izany*." - Jaona 15:7. Ny fifandraisana velona sy manan-danja amin'i Jesosy no tsiambaratelon'ny valim-bavaka. Tsy maintsy manome Azy alalana feno isika mba hiaina ny fiainany amin'ny alalantsika raha te hivavaka amim-pahasahiana sy hifaly be dia be isika.

Izany no tsiambaratelon'i Daniela. Nanana tanjona ny tsy handoto ny tenany mihitsy izy. "Sarobidy taminy kokoa ny fankasitrahan'Andriamanitra (...) noho ny ainy mihitsy aza" (Mpaminany sy Mpanjaka, p. 392). Nanapa-kevitra ny ho an'Andriamanitra tanteraka izy ary nianatra ny fomba hitoerana ao Aminy. Ny fifandraisana velona nananan'i Daniela tamin'i Jehovah no nahatonga azy afaka nivavaka tamim-pahatokiana sy tamim-pifaliana .

## Mifaly Amin'ny Andro Farany

Satria manakaiky ny ora maizina indrindra eo amin’ny tantarany ny tany dia azo antoka fa hanolotra antsika karazan-javatra maro handotoantsika tena i Satana. Moa ve isika tapa-kevitra hiaro ny fanahintsika tsy ho azon’ny fahalotoana tahaka ny nataon'i Daniela? Moa ve isika hikatsaka ny fahamasinana avy amin’ny fiainana feno fanoloran-tena tanteraka amin’ny fitoeran’ny Tenin’Andriamanitra ao anatintsika? Moa ve isika hikatsaka ny fisakaizana maharitra amin'i Jesosy Izay hanampy antsika hijoro tsy azo hozongozonina ho Azy?

Raha manao izany isika dia afaka matoky fa hihaino ny vavaka ataontsika ny Mpamonjy. Afaka mifaly amin'ny teny fikasany isika, izay manao hoe: " Ny fiàsan'ny fivavaky ny marina dia mahery indrindra." (Jakoba 5:16).

Afaka miantehitra tanteraka amin'ny fampanantenan'ny Teniny isika. Na dia mbola tsy mahita ny valiny feno aza isika, tahaka an’i Daniela, dia afaka mahazo antoka fa miasa Andriamanitra, ary amin'ny fotoana mety indrindra dia ho azontsika ny valiny tadiavintsika. Afaka mifaly amin'ny vavaka isika - na maizina manao ahoana ny mety ho fisehon'ny toe-javatra - satria fantatsika Ilay "manome fahendrena… sy fahalalana … [ary] ma mpiseho nyzavatra lalina sy miafina; Izy no mahalala izay ao amin'ny maizina, ary ny mazava mitoetra ao aminy" (Daniela 2:21-22).

# Lohahevitra amin'ny Sabata sy Soso-kevitra ny amin'ny Fandaharam-bavaka

## Loha-hevitra :

Mifaly amin'ny Vavaka (Daniela 2:20-23).

## Sabata maraina:

Manoso-kevitra izahay mba hanorenana ny fanompoam-pivavahana manontolo ny Sabata eo amin'ireo tantara ao amin'ny Daniela 1 sy 2. Tokony ho tafiditra ao anatin'izany ny singa rehetra amin'ny fandaharanareo. Azonareo atao ihany koa ny mamerina mijery ny *Mpaminany sy Mpanjaka*, toko 39 sy 40

- Ny toriteny dia tokony hamakafaka ny tantaran'ny Daniela 1 sy 2 ary hanampy ny olona hahita fa ny fiainam-pahatokiana (tsy mivadika) amin'Andriamanitra no nahafahan'i Daniela nidera an'Andriamanitra sy nivavaka tamim-pahatokiana.
- Ny tantara ho an'ny ankizy dia mety ho fitantarana indray ny Daniela 1 mba hahatonga izany ho azo ampiharina ho an'ny tanora.
- Araka izay azo atao dia mampiasà hira sy ny famakiana andinin-teny ary endrika hafa amin'ilay fandaharana, mba hiantsoana ny fiangonana ho amin'ny fanoloran-tena amin'ny fiderana sy ny fahatokiana.

**Vavaka Amin'ny Tolakandro Sy Fandaharana Fianarana Baiboly**:

Manaova ny fivoriana miaraka amin'ny fiangonana iray manontolo, na ao anaty vondrona ao amin'ny efitrano mampahazo aina, na ao an-tranon'ny olona iray. Raha tsy azo atao ny fivoriana mivantana, dia azonareo atao ny mampiasa *video* toy ny *Zoom* na mihaona amin'ny alalan'ny telefaona na sehatra hafa. Manoro hevitra izahay mba hanokanana ora 2-3  ho an'ity fandaharam-bavaka sy fianarana Baiboly amin'ny tolakandro ity.

• Alohan'ny hanombohanareo ny fotoam-bavaka dia zarao ny fisaintsainana etsy ambony sy ireo andinin-tSoratra Masina ary teny hafa avy amin'ny Fanahin'ny Faminaniana izay itarihan'ny Fanahy Masina anareo ho zaraina amin'ny vondrona.

• Ny ankamaroan'ny fotoana dia holaniana amin'ny vavaka iraisana, nefa raha misy ny fotoana dia mitsinjarà ho tarika madinika kokoa amin'ny fianarana Baiboly sy fangataham-bavaka manokana kokoa.

• Soso-kevitra momba ny andinin-tSoratra Masina: Dan. 1 sy 2, indrindra fa ny 2:20-23; Salamo 111; Filipiana 4:4-7; Kolosiana 1:9-14; 1 Tesaloniana 5:18. Farano amin'ny fotoana iraisana hanaovana fisaorana miaraka amin'ny vondrona iray manontolo.

• Manokàna faritra iray ho an'ny ankizy madinika kokoa ary miangavia olona mba hiambina azy ireo mandritra ny fotoam-bavaka. Ny ankizy dia azo ampianarina foto-kevitra tsotra momba an'Andriamanitra sy vavaka rehefa ao anatin'ny "fotoana ilalaovana." Azonareo atao ny mahita hevitra hampianarana ny ankizy momba ny vavaka : *https://www.ministerialassociation.org/prayer/teaching-children-to-pray/*.

• Asao ny namana sy ny fianakaviana ho amin'ny fotoam-bavaka ataonareo.

• Ataovy vonona ny zavatra rehetra ho amin'ny fotoam-bavaka. Omano mialoha ny hira.

• Makà fotoana manokana ho an'ny sakafo hariva sy ny fijoroana ho vavolombelona. Angataho ireo mpandray anjara mba hitondra sakafo maivana na vilia. Manampy amin'ny fananganana ny toe-tsain'ny fiaraha-monina ny fizarana sakafo sy fifampiresahana am-pirahalahiana aorian'ny vavaka.

• Avelao ny Fanahy Masina hitarika ny drafitra ataonareo.

**"Ny fanahy izay mahatsapa ny ilainy dia tsy mitana na inona na inona"**

*(Ilay Fitiavana Mandresy,313)*